Ny Valosoa sy fakafaka 2

Taona 2021, miha-sarotra ny fiainam-bahoaka

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Fanomezana taombaovao 4 5

Kalendrie 2021

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 12 janoary 2021 Laharana 1113 Vidiny : 400 Ar

Amin'ny 9h30 ka hatramin'ny 11h30 2

Manongilan-tsofina mihaino Miara-Manonja ny maro

Fanondranana volamena 73,7 kg 2

Tsy afa-miala ny fitondrana hoy ny depiote Me Hanitra

JIRAMA 7

Orinasa nampijaly vahoaka indrindra tamin'ny 2020

Andro miditra 6

Sprinter 2 nifampitarika latsaka tany an-tanimbary

Olan'ny vokatra lavanila 7

Orinasa vitsy akaiky ny fitondrana no manao ampihimamba

Noho ny kere 7

Maro ireo mandositra miakatra aty an-drenivohitra

Daka kely

Dia ho afa-maina foana ve leisy ry Boaikely ny trondro vaventy amin'ity resaka «ngenjy» ity a !

FANONDRANANA VOLAMENA 73,7 KG

Tsy afa-miala ny fitondrana hoy ny depiote Me Hanitra

Nandritra ny fandaharana Miara-Manonja omaly, nanambara ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa, fa tsy afa-miala ny fitondrana tamin'ny fanondranana ilay volamena milanja 73,7kg tratra tatsy Afrika Atsimo ary saika haondrana nankany Dubaï, any amin'ny Emirat Arabo Mitambatra. Amin'izao fikatonan'ny habakabaka izao hoy izy, ny mpitondra ambony eto amin'ny firenena ihany no afaka manome alalana fiaramanidina hivoaka na hiditra ny firenena. Tsy ny mpanamory ilay fiaramanidina mihitsy, na ny mpiasan'ny STA hoy izy, no tompon'antoka voalohany tamin'ny fanondranana ireo volamena, fa misy olobe ao ambadika ao. Ireo pirina kely irakiraka aloha no atao " bouc émissaire", na mpisolo vaika ny akalana dia gadraina : 7 any Tsiafahy, ilay vehivavy 1 any Antanimora. Tsy ireo anefa no tena tompon'andraikitra voalohany. Tsy ampy be dia be ireo hoy ny depioten'Antananarivo voalohany, mbola misy "gros poissons" ao amin'ny Présidence sy ny manodidina ny Filoha, ao amin'ny Governemanta... Misy tsy ilana Fitsara Avo, na HCJ ny fanenjehana ny sasany amin'izy ireo. Matahotra mafy ny hivoahan'ny tsiambaratelo sy ny anaran'ireo mpitondra sy ny manodidina azy ireo ny Filoha sy ny Mpitondra, ka mikoropaka sy nandefa ny Ministry ny raharaham-bahiny maika any Afrika Atsimo, omaly mbola nandefa olona ambony hafa ao amin'ny fiadidiana ny Repoblika sy mpisolovava ny fitondrana. Manao izay fomba rehetra hampodiana sy tsy hitsarana ireo olona 3, voarohirohy amin'ny fanondranana tsy ara-dalàna ny volamena 73,7kg, any amin'ny tribonaly Afrikana Tatsimo anio 12 janoary, sy ny hamerenana io volamena io eto Madagasikara ny fitondrana amin'izao fotoana. Dia voizina koa ny lainga, fa tsy avy eto fa avy any Mali ny volamena hoy ity olom-boafidy ity, nefa ny jeneraly ao amin'ny governemanta efa nilaza, fa efa in-5 no nisy fanondranana antsokosoko toy izao, fa ity farany ity vao tratra. Noho izny, tompon'andraikitra tanteraka ianareo mpitondra hoy Me Hanitra fa aza manao cinema sy mihevitra fa azo fitahina foana ny malagasy.

Ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa, nandritra ny fandaharana Miara-Manonja.

Ny Valosoa

Amin'ny 9ora sy 30 minitra ka hatramin'ny 11 ora sy 30 minitra

Manongilan-tsofina mihaino Miara-Manonja ny maro

Fanindroany omaly izao no nisy ny fandaharana Miara-Manonja, amin'ireo onjampeo maromaro eto an-drenivohitra ary manapariaka an'izany ihany koa manerana ny Nosy amin'ny alalan'ny teknolojia vaovaon'ny fifandraisana, sy amin'ny alalan' ny satelita ihany koa. Manapariaka izany fandaharana ilazana ny marina ny rehetra ezahan'ny fitondrana afenimpenina izany, ny onjampeo tsy miankina miisa 5 amin'izao fotoana izao aloha dia : ny MBS Radio : FM 95.4 Mhz ; ny Radio Mada : FM 100.8 Mhz ; ny AZ Radio : FM 101.8 Mhz ; ny IBC Radio : FM 90 Mhz ary ny Soa Radio : FM 96.8 Mhz. Mety mbola hiampy onjampeo hafa ireo, fa ireo aloha no Miara-Manonja mamotsipotsitra ny lainga rehetra ataon'ny fitondrana amin' izao fotoana ary milaza ny marina sy ny rariny, mba tsy ho tompon-trano mihono ny vahoaka, izay tena tompon'ny fahefana amin'ny fitondrana demokratika. Manentana izany fandaharana izany ireo mpanao gazety matihanina avy amin'ireo onjampeo ireo, ahitana ny mpanao gazety ministra teo aloha : Andrianjato ; ny depiote mpanao gazety Fidèle Razara Pierre ; ny mpanao gazety Joël Ralaivaohita sy Riana Rabemananjara, Didier Rakotoarisoa ; ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa, sy Alain Ratsimbazafy, ary Gerry Randriambolaina, ny mpanao politika Guy Maxime Ralaiseheno Jean Claude Rakotonirina;… Mbola ho avy ihany koa ny maro hafa, na mpanao gazety, na depiote, na mpanao politika, na avy amin'ny fiarahamonim-pirenena, na mpandraharaha, na olon-tsotra, sy ny maro hafa,… hilaza ny marina sy ny zava-misy eto amin'ny firenena, tsy ny eto an-drenivohitra ihany, fa ny any rehetra any mihitsy, manerana an'i Madagasikara. Nanditra izay 2 andro efa nisian'ny Miara-Manonja izay, tsapa fa manongilan-tsofina mihaino izany avokoa ny rehetra, tsapa izany eny ambonin'ireny fitaterambahoaka taxi-be ireny, mandritra ny ora 2, amin' ny 9h30, ka hatramin'ny 11h30 ny zoma teo sy omaly alatsinainy dia ny iray amin'ireo onjampeo 5 ireo avokoa no nohenoin'ny rehetra. Ao aorian'izay, mandeha ny ady hevitra eny rehetra eny mahakasika ny zavatra rehetra voalaza tao amin' io fandaharana io. Tsiahivina fa isan'andro no hisy izany fandaharana izany, ny alatsinainy, ka hatramin'ny zoma.

Isambilo

Noho ny kere

Maro ireo mandositra miakatra aty an-drenivohitra

Noho ny kere na ny hanohanana amin'ny tsy fahampian-tsakafo any amin'ny faritra Atsimon'i Madagasikara, vokatry ny tsy filatsahan'ny orana, maro amin'izao fotoana izao ireo mponina avy any miakatra aty an-drenivohitra. Omaly, maro izy ireo no tonga tao amin'ny toby fiantsonan'ny fiarakodia ao Fianarantsoa, faritra Matsiatra Ambony, hiakatra aty an-drenivohitra, hitady fahatsaram-piainana, satria araka ny voalazany, tsy zaka intsony ny kere mihàtra any amin'ny toerana nisy an'izy ireo. Tsy misy, na tsy ampy ny fanampiana tonga any an-toerana avy amin'ny fitondrana, na ireo fikambanana mpanao asaa soa, sy asa sosialy tsy miankina. Na te hamokatra aza, tsy afaka satria tsy misy ny rano, vaha olana hitan'izy ireo dia ny hiakatra tanàn-dehibe hitady ny mahasoa aty.

Niaina

Olona tratry ny kere avy any Atsimo, mihevitra ny hifindra monina aty an-drenivohitra.

Ny Valosoa sy fakafaka

Taona 2021, miha-sarotra ny fiainam-bahoaka

Tsy misy izay tsy mikaikaika tato ho ato ny sarambabem-bahoaka amin'ny andavanandrom-piainana, mahita ny fihazakazaky ny vidim-bary. Ny vary gasy tonga hatrany amin'ny 2800 Ar ny kilao, ary ny kapoaka 800 Ar. Tsy mbola nisy an'izany vidim-bary izany hatramin'izay ela izay. Mahita ny maizina ny vahoaka, satria ny foto-tsakafony sy ny maha izy azy mihitsy ity no lasibatra amin'ny tsy fahaizana mifehy ny famokarana, sy ny famatsiana eto amin'ny firenena. Miharihary fa zary resabe ny teny natao nampandriana adrisa ny amin'ny hamokaram-bary be ato anatin'izao fotoam-piasan'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina izao ary nambara fa hanondrana any ivelany mihitsy aza. Tsy vitan'ny vavabe fandresen-dahatra ny vahoaka sy handresena ny mpifanandrina politika fotsiny io. Manaporofo izany ny zava-misy ankehitriny. Raha toa ka asa no natao fa tsy kabary toy izany, dia efa niha-hita soritra na kely ihany aza ny fanatanterahana izany tetikasa izany. Aty amin'ny fahatelo taona niasàna ve vao milaza sy miantsoantso, fa hanao asa ary ho taonan'ny asa ity taona ity? Ny kajikajy politika hatrany no nimatimatesana mialoha ny hanao asa hatreto, raha ny hita sy fantatra. Hany ka izao no vokany, mitondra faisana ny vahoaka. Na inona na inona vahaolana entin'ny fitondrana, toy ny nilazana fa nisy ny fanafarana vary avy any ivelany, ka hihazonana ny vidim-bary tsy hihoatra ny 1500 Ar, dia efa nisy fiantraikany mafy tany amin'ny isan-tokantrano sy ny ativilaniny, na ny teny am-bilian'ny isam-pianakaviana izany. Misy fiantraikany, mazava loatra, any amin'ny tanjaka ara-batana sy fahasalamany izany, eny hatramin'ny asa fihariana na famokarana ataony aza. Fa etsy ankilan'izany, tsikaritra fa misy sokajin'olombitsy karakarain'ny fanjakana manokana. Araka ny resaka mandeha, dia mitohy mangingina ny tosika fameno, ka misy ny fanohanana ara-tsosialy azy ireo amin'ny alalan'ny vola fanome azy tao anatin'ireny krizy ara-pahasalamana lalina, sy fahasahiranana ireny, ary asaina maka na manjifa entana amin'ny toerana iray eto an-drenivohitra. Tsikaritra nisy filaharana vao maraina nataon'izy ireo teny anoloan'ny toeram-pivarotana an'ny vahiny. Mahasarika ny sain'ny mpandinika izany, fa misy ve eto izany anaovana fitondra-mitanila hatrany? Ary inona no andrasana amin'ireo sokajin'olona ireo sy ny tiana hahatongavana? Sarotra ny tsy hihevitra, fa tsy maintsy misy kajikajy politika hatrany ao ambadik'izany. Tsy mbola afaka tamin'ny fahasahiranana vokatry ny fihanaky ny valanaretina ny sarambabem-bahoaka mandraka ankehitriny. Nambara, fa tsy mitsahatra ny fidangan'ny sondro-bidim-piainana, anisan'izany ny sakafo fanjifa andavanandro. Izany hoe, miha-sahirana sy miha-mahantra ny vahoaka. Ny ampahany kely amin'izany anefa no tohanan'izao fitondrana izao.

Vao miandoha ny taona, dia miatrika fitomboan'ny fahasahiranam-piainana ny sarambabem-bahoaka. Vahaolana miangatra no atolotry ny fitondrana, ary ny maro adino tsy ao anaty lisitra na kajy. Sarotra ny hihevitra ny hiovan'izany fiainam-bahoaka izany hatramin'ny faran'ny taona.

Sôh'son

Ny Valosoa sy hadihady

Saropady ny volamena amintsika Malagasy, ka tsy azo vazivaziana

Mbola ilay resaka volamenantsika malagasy tratra tatsy Afrika Atsimo ihany aloha izao no vaovao mahaliana ny vahoaka malagasy, satria goavana loatra izany 73,7 Kg izany, sady izay indray vaovao nentina nisantarana ny taona vaovao ity tranga manala baraka ny firenena ity.

Sahirantsaina tanteraka ireo mpitondra, hany ka samy mamoaka fanambarana izay hita hoe mifanipaka sahala amin'ny atsimo sy avaratra ny feo mivoaka, malaza ho tranon-dainga ny mpitondra amin'izao fotoana izao, saingy ny mampihomehy araka ny fitenin-jatovo, dia tsy mahay mandainga satria tsy mifameno ny lazain'izay mahazo fitenenana, fa dia hita miharihary fa mifamono tsotra izao.

Ny teny masaka ao an-dohan'ny fitondrana dia ny hangataka ilay « extradition » na ny fanomezana alalana avy amin'ny fitsarana any Afrika Atsimo hitsarana ny raharaha eto Madagasikara.

Tamin'ny alahady 10 Janoary 2021 teo dia noraisin'ny Minisitra miadidy ny Raharahambahiny, ny Masoivohon'i Afrika Atsimo miasa sy monina eto amintsika, ka ny votoatin'ny fihaonana dia fanolorana ny antontan-taratasy fangatahana ny fampodiana ny volamena 73,7Kg, sy ny hamotsorana an'izy 3 lahy voatana any an-toerana hody aty an-tanindrazana, ka ny fitsarana malagasy no hitsara azy ireo.

Ny vaovao miparitaka amin'ny fitaovan-tserasera samihafa dia ny fisian'ny fiaramanidina manokana na « jet privé » niala teny Ivato omaly alatsinainy 11 Janoary 2021 maraina, voalaza fa misy « VIP » avy ao amin'ny fiadidiana ny repoblika sy mpahay lalàna goavana tao anatin'ilay fiaramanidina, ka ny tanjona dia ny haka an'izy 3 lahy boto faniraka tamin'izao raharaha izao.

Mikasika ny fampodiana an-tanindrazana ny bolongam-bolamena dia tsy iadiankevitra izany fa tokony hatao, ary na tsy takiana aza izany dia tokony ho mandeha ho azy, kanefa tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana, fa aely indray ny feo izay manambara fa orinasa Maliana hono no tompon'ilay volamena, koa azo antoka ny tanjona tiana ahatongavana amin'ny fitanisana izany, dia ny tsy hampody ilay bolongam-bolamena eto Madagasikara, kanefa ihany koa dia tokony ho hentitra ny fitsarana any Afrika Atsimo satria ny seranampiaramanidina malagasy izany dia lalana fandalovan'ireo mpanondrana antsokosoko, raha izay no izy. Tsy izay anefa no izy fa tena antsika eto Madagasikara ireo volamena ireo satria mifanipaka be ihany araka ny voalaza tery ambony ny lazain'ireo tompon'andraikitra, ka izay fifanoherana izany dia mampivoaka ny tena marina.

Fomba tsy maintsy atao ny mitaky ny fampodiana ny entana, fa tsy izay no mahamaika ny mpitondra, fa ny hampody ireo teratany malagasy roa sy hanao ny fitsarana eto Madagasikara, mba hahazoana mamilivily ny marina, satria efa mazava sy vakiana fotsiny araka ny fitenin'ny tanora, fa matoa tafavoaka teny Ivato ny bolongam-bolamena dia efa fomba fanao miverimbrina io sady olona manana fahefana goavana no tao ambadik'izao raharaha izao ary ny fikoropahan'ireo manana andraikitra rehetra dia manaporofo ny hoe : « hitsikitsika tsy mandihy foana fa ao raha ».

Anio 12 janoary 2021 no andro voatondro, fa hanaovana ny fitsarana azy roalahy tompon'entana tratra tany amin'ny Seranampiaramanidina Oliver Tambo tany Johannesburg, dia ho hita eo izay lanjan'ny fitsarana afrikana tatsimo, hijoro amin'ny maha firenendehibe indrindra aty Afrika azy ve ny fitsarana afrikana tatsimo, ka hanome lanja izany hoe fitsarana any amin'ny tany niavian'i Nelson Mandela izany, sa hiray tsikombakomba amin'ny fitondrana malagasy hanafina ny marina. Fa ho an'ny mpitondra malagasy kosa dia tsy tongatonga ho azy izao tranga izao, satria ny volamena dia manana ny hasiny ho antsika malagasy, koa asakasak'izay minia manao ny tsy mety eto amin'ity firenena ity satria mananjina loatra ny volamena. Ny ranom-bolamena dia fanalana ny ota fady, fanaovana voady fa tsy hivadika amin'ny zavatra nifanarahana,…

Ny Valosoa

Fiakaran'ny vidim-piainana

Tsy hita tabilao hatreto ilay vary 550 ariary ny kapoaka

Tsy hita mihintsy izay fandraisan'andraikitry ny mpitondra ankehitriny manoloana ny fiakaran'ny vidim-piainana. Mikaikaika avokoa ny tokantrano Malagasy satria tsy takatry ny fahefa-mividy intsony io vidim-piainana io, indrindra ny vary izay foto-tsakafon'ny Malagasy. Sinema no nataon'ny minisitry ny varotra sy ny indostria mody nandeha nijery ny vidim-bary teny antsena, ka dia natsipiny tany amin'ny mpambongady indray ny rihitra, fa hoe manararaotra izy ireo mampiakatra ny vidin'entana. Tao anatin'izany, nisy ny fanambaran'ny fitondrana foibe fa tokony tsy hihoatra ny 550 ariary ny hividianan'ny mpanjifa ny vary iray kapoaka. Hatramin'izao anefa mbola tsy midina amin'izany fepetra napetraky ny fanjakàna izany io vidim-bary io, ny stock efa ratsy aza mbola 610 ariary ny vidin'ny iray kapoaka. Tsy laharam-pahamehana ho an'ity fitondrana ity mihintsy ny fahasahiranana mahazo ny vahoaka ankehitriny. Ny fanondranana ny harem-pirenena no vaindohan-draharahany, ary vao hita nibaribary izany tamin'ny fanondranana volamena 73, 7kg tratra tany Afrika Atsimo. Eo koa ny fampiderana fotodrafitr'asa tsy mifanaraka amin'ny filan'ny mponina akory. Resaka bizina sisa no mahamaika, koa mandrampahoviana izy ireo no hanabado ny vahoaka toy izany foana ?

Helisoa

Mihoatra ny 550 Ar avokoa ny vidim-bary eny an-tsena.

Fikambanana Silamo eto Madagasikara

Nesorina tsy ho mpitantana i Abdoul Had

Manainga ny mpino Silamo sy ny fikambanana Silamo ary ny Moske rehetra ny komitin'ny Loholona, sy ny olobe Silamo, mba tsy handray baiko intsony avy amin'Andriamatoa Abdoul Had, Filohan'ny FSM: Fikambanana Silamo eto Madagasikara teo aloha, satria tsy mitantana ny finoana Silamo intsony ity farany manomboka izao, hoy izy ireo. Nanazava Andriamatoa Nantenaina Branco, mpitondra tenin'ny Fikambanana Silamo, fa mifanipaka amin'ny soa toavin' ny mpino Silamo ny fitondrantenan'Andriamatoa Abdoul Had, tao anatin'izany ny fanagadrana mpino Silamo miisa 33 tany Fenerive Est, faritra Analanjirofo tamin'ny taona 2020 lasa teo, ny fanagadrana mpino Silamo miisa 11 tao Ambanja, nampifandonana mpino tao amin'ny Moske miisa 2 tao Ambanja, ka nahatapaka ny tanan'ny olona miisa 4, nampisarabazana fiarahamonina

Ireo Loholona sy Olobe Silamo.

tany Vohipeno sy Manakara any amin'ny faritra Vatovavy fitovinany, nitory ny filohan'ny Moske ao 67 Ha Andrefana, miaraka amin'ny mpikambana eo anivon'ny Komitin'ny Moske miisa 8, ka amin'ny 18 Janoary 2021 ho avy izao ny fitsarana an'ireto farany etsy Anosy. Nitory ny mpiambina Moske etsy 67 Ha any amin'ny BC, tamin'ny alarobia lasa teo ihany koa Andriamtoa Abdoul Had. Nanohy ny mpitondra tenin'ny fikambanana Silamo, fa nitsangana ny komitin'ny Loholona sy Olobe Silamo niezaka nampihavana an' Adriamatoa Abdoul Had no sady nampiantso an'ity filohan'ny FSM ity kanefa tsy namaly ny antso ity farany ary tsy nanaiky nampihavanina. Nanapa-kevitra ny komitin'ny olobe Silamo hanatitra antontan-taratasy eny anivon'ny fitondrampanjakana isan'ambaratongany hanaisotra an'i Abdoul Had, tsy ho filohan'ny fikambanana Silamo intsony eto Madagasikara ary hanafoana an'ilay "Recepisé" miisa 2, izay nampifanolana ny mpino Silamo eny anivon'ny "Conseil d'Etat". Nanazava Andriamatoa Nantenaina Branco, fa ny komitin'ny Olobe Silamo no hitantana vonjimaika ny fikambanana Silamo mandra-pahatongan'ny fifidianana filoha vaovao. Namarana ny fanehoankeviny Andriamatoa Nantenaina Branco, fa mitsipaka tanteraka an'ireo olona tsy mety ampihavanina ny soa toavin'ny Silamo sy ny maha Mahagasy ary ny tenin'ny Soratra Masina ao amin' ny Houdjouraty andininy faha 49 dia milaza fa: "Raha miady ny andiany ao amin'ireo mpino dia aoka ianareo hampihavana azy ireo raha miteny ny anankiray amin'izy ireo hanohitra hafa dia aoka hianareo hiady amin'ilay mikomy, mba hanarahany ny Didin'Andriamanitra. Fa raha manaraka an' izany izy dia hampihavanina am-pamarinana ary aoka ianareo hanao ny rariny, fa tia ireo mpanao ny rariny Andriamanitra".

Franck Razakambelo

TONONKALO

Tsy ekena ny tsindry hazolena

Nahazo toerana tsara sy ambony
Dia miseho z'inona hoe tsy hiala eo intsony
Manitsakitsak'ireo mahonena
Tsy ekenay izany fa tsindry hazolena

Dradradraina hoe fahamarinana
Ny fitsarana anefa tsy ho an'ny sahirana
Ny tsolotra no manjaka tena mampahonena
Tena tsy ekana fa tsindry hazolena

'Reo mpanohitra tsy mitovy fijery
Ampidirina am-ponja tsy afa'miteny
Nefa anie dia iray ihany ny Firenena
Tena tsy rariny fa tsindry hazolena

Ireo rehetra mitaky ny zony
Andefaso zandary amin'izay dia mitony
Kanefa anie ireo efa tsisy jerena
Tena tsy izy intsony ity fa tsindry hazolena

'Reo tambanivohitra mitrongy vao homana
Esorina amin'ny tany mba hany fananana
Aiza ho aiza amin'izay ireo teny nomena
Tsy ekena izany fa tena tsindry hazolena

Rovan'i Manjakamiadana izay manankasina
Niniana nolotoina sy nohatsikasina
Tena hita fa fanimbazimbana
Iarivo malala mitsangana sao tara

Mpampianatra Fram tsy homena karama
Ilana kisa hoe izay tsy mahatanty miala
Kanefa anie efa firy taona no teo
Vonjeo re ry DADA fa noana izy ireo

Alahady 10 Janoary 2021
Andry BOOMS

2021

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

	Janoary		Febroary		Marsa		Avrily		Mey		Jona	
1	Zom	Taombaovao	Alt		Alt		Alk		Asb	Fetin'ny asa	Tal	
2	Asb		Tal		Tal		Zom		Alh		Alr	
3	Alh		Alr		Alr		Asb		Alt		Alk	
4	Alt		Alk		Alk		Alh	Paska	Tal		Zom	
5	Tal		Zom		Zom		Alt	Alt. Paska	Alr		Asb	
6	Alr		Asb		Asb		Tal		Alk		Alh	
7	Alk		Alh		Alh		Alr		Zom		Alt	
8	Zom		Alt		Alt	Andron'ny vehivavy	Alk		Asb		Tal	
9	Asb		Tal		Tal		Zom		Alh		Alr	
10	Alh		Alr		Alr		Asb		Alt		Alk	
11	Alt		Alk		Alk		Alh		Tal		Zom	
12	Tal		Zom		Zom		Alt		Alr		Asb	
13	Alr		Asb		Asb		Tal		Alk	Ascension/Id al Fitr	Alh	
14	Alk		Alh		Alh		Alr		Zom		Alt	
15	Zom		Alt		Alt		Alk		Asb		Tal	
16	Asb		Tal		Tal		Zom		Alh		Alr	
17	Alh		Alr		Alr		Asb		Alt		Alk	
18	Alt		Alk		Alk		Alh		Tal		Zom	
19	Tal		Zom		Zom		Alt		Alr		Asb	
20	Alr		Asb		Asb		Tal		Alk		Alh	
21	Alk		Alh		Alh		Alr		Zom		Alt	
22	Zom		Alt		Alt		Alk		Asb		Tal	
23	Asb		Tal		Tal		Zom		Alh	Pentekôsta	Alr	
24	Alh		Alr		Alr		Asb		Alt	Alt. Pentekôsta	Alk	
25	Alt		Alk		Alk		Alh		Tal		Zom	
26	Tal		Zom		Zom		Alt		Alr		Asb	Fetim-pirenena
27	Alr		Asb		Asb		Tal		Alk		Alh	
28	Alk		Alh		Alh		Alr		Zom		Alt	
29	Zom				Alt	Fahatsiarovana 1947	Alk		Asb		Tal	
30	Asb				Tal		Zom		Alh		Alr	
31	Alh				Alr				Alt			

FILOHA MARC RAVALOMANANA

Taonan'ny fahasahiana hananganana firenena vanona ny 2021

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro www.gvalosoa.com

2021

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Jolay		Aogositra		Septambra		Oktobra		Novambra		Desambra	
1	Alk	1	Alh	1	Alr	1	Zom	1	Alt Fah. Olo-masina	1	Alr
2	Zom	2	Alt	2	Alk	2	Asb	2	Tal	2	Alk
3	Asb	3	Tal	3	Zom	3	Alh	3	Alr	3	Zom
4	Alh	4	Alr	4	Asb	4	Alt	4	Alk	4	Asb
5	Alt	5	Alk	5	Alh	5	Tal	5	Zom	5	Alh
6	Tal	6	Zom	6	Alt	6	Alr	6	Asb	6	Alt
7	Alr	7	Asb	7	Tal	7	Alk	7	Alh	7	Tal
8	Alk	8	Alh	8	Alr	8	Zom	8	Alt	8	Alr
9	Zom	9	Alt	9	Alk	9	Asb	9	Tal	9	Alk
10	Asb	10	Tal	10	Zom	10	Alh	10	Alr	10	Zom
11	Alh	11	Alr	11	Asb	11	Alt	11	Alk	11	Asb
12	Alt	12	Alk	12	Alh	12	Tal	12	Zom	12	Alh
13	Tal	13	Zom	13	Alt	13	Alr	13	Asb	13	Alt
14	Alr	14	Asb	14	Tal	14	Alk	14	Alh	14	Tal
15	Alk	15	Alh Assomption	15	Alr	15	Zom	15	Alt	15	Alr
16	Zom	16	Alt	16	Alk	16	Asb	16	Tal	16	Alk
17	Asb	17	Tal	17	Zom	17	Alh	17	Alr	17	Zom
18	Alh	18	Alr	18	Asb	18	Alt	18	Alk	18	Asb
19	Alt	19	Alk	19	Alh	19	Tal	19	Zom	19	Alh
20	Tal Id al Adha	20	Zom	20	Alt	20	Alr	20	Asb	20	Alt
21	Alr	21	Asb	21	Tal	21	Alk	21	Alh	21	Tal
22	Alk	22	Alh	22	Alr	22	Zom	22	Alt	22	Alr
23	Zom	23	Alt	23	Alk	23	Asb	23	Tal	23	Alk
24	Asb	24	Tal	24	Zom	24	Alh	24	Alr	24	Zom
25	Alh	25	Alr	25	Asb	25	Alt	25	Alk	25	Asb Krismasy
26	Alt	26	Alk	26	Alh	26	Tal	26	Zom	26	Alh
27	Tal	27	Zom	27	Alt	27	Alr	27	Asb	27	Alt
28	Alr	28	Asb	28	Tal	28	Alk	28	Alh	28	Tal
29	Alk	29	Alh	29	Alr	29	Zom	29	Alt	29	Alr
30	Zom	30	Alt	30	Alk	30	Asb	30	Tal	30	Alk
31	Asb	31	Tal			31	Alh			31	Zom

NY VALOSOA VAOVAO
Adiresy : lot T 70 Ankadindratombo
Tel. 034 79 076 00
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto
twitter : @nyvalosoavaovao

SAROBARATRA ITASY

Mirongatra ny asan-dahalo

Mirongatra ny asan-dahalo amin'izao fotoana any Sarobaratra any amin'ny faritr'Itasy iny. Noho ny fifandonana teo amin'ireo dahalo andaniny, sy ireo mpanara-dia sy mpitandro filaminana ankilany, mpanara-dia 1 no lavo, 3 hafa naratra, tafaverina avokoa ireo omby miisa 12 norobain'ireo dahalo. Nisy trangana halatr'omby miisa 12 nataon'andian-dahalo ampolony mitambasy ny alin'ny 08 janoary tokony ho tamin'ny 9 ora alina teo ho eo, tao amin'ny fokontany Sanganoro, kaominina Sarobaratra Ifanja, distrikan'i Miarinarivo faritra Itasy. Avy hatrany dia nihetsika ny zandary tany an-toerana "Poste fixe", nanao ny fanarahan-dia, niaraka tamin'ny fokonolona, ka nihazo niankadrefana ny dian'omby. Nomena toromarika koa ny zandary miasa amin'ny manodidina, mba hiandry ny kizo rehetra.

Ireo mpitandro filaminana sy ireo mpanara-dia tany Sarobaratra, faritra Mamolakazo iny.

Rehefa izany anefa dia nizara roa ny mpanaradia satria nizara ireo dahalo, ny sasany nitondra ny omby. Tonga teo amin'ny kizo atao hoe Maroanana fokontany Sanganoro dia nitifitra ireo dahalo, ka lavo ny mpanaradia iray antsoina hoe "Jean de la Croix" 23 taona, mpanaradia telo hafa koa naratra, izay efa nahazo fitsaboana, ka tsy misy ahiana ny ainy. Tsy nihemotra ireo zandary sy ny fokonolona, ka azo daholo ny omby tao amin'ny kizon'i Maroanana. Ireo dahalo kosa nanararaotra ny haizina, ka rifatra nandositra ary mbola manao hazalambo azy ireo ny zandary sy ny fokonolona sasany hatramin'izao.

Stefa

Valanaretina coronavirus

Niampy 5 ny namoy ny ainy, 234 ny tranga vaovao, 149 no sitrana

Niampy 5 ny namoy ny ainy, 234 ny tranga vaovao, 149 no sitrana, tarehi-marika momba ny valanaretina coronavirus teto adagasikara, ny 2 ka hatramin'ny 8 Janoary 2021 lasa teo. 1607 no isan'ny fitiliana natao nandritra io herinandro io. Nisy tranga vaovao 234 : 93 avy eto Analamanga, 9 avy any Vakinankaratra, 43 avy any Boeny, 25 avy any Matsiatra Ambony, 16 avy any Amoron'i Mania, 11avy any Vatovavy Fitovinany, 16 avy any Anajirofo, 2 avy any Diana, 11 avy any Menabe, 2 avy any Atsimo Andrefana.



Ireo tarehi-marika momba ny valanaretina covid19 ny herinandro lasa teo.

Tafakatra 18001 araka izany ny isan'ny olona voa hatramin'izay nidiran'ny valan'aretina teto Madagasikara ny volana marts 2020. 267 no fitambaran'ireo lavo. Niampy 149 ny isan'ireo sitrana, ka tafakatra 17447 izy ireo. Tsy voalaza amin'ity tatitra ity kosa ireo marary mbola manaraka fitsaboana. Na izany na tsy izany, mila hatevenina ny fepetra fiarovana amin'ity valanaretina covid19 ity, satria hita ho miha-mitombo indray ireo olona voany manerana ny Nosy.

Stefa

Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vao vaovao izao manaraka izao: "Tsy ho tafaverina eo amin'ny fitondrana izany Ravalomanana", hoy ny ministra Lalatiana Andriantongarivo Rakotondrazafy.

Fa Ravalomanana ve no tena olana sa ilay Madagasikara gisitra manerantany sy ilay fahoriambahoaka efa mihoa-pampana e?

Tena tsy olan'ireto mpitondra ireto mihitsy izany ilay fahantrana, fa Ravalomanana no mampaharary an-doha azy mianakavy, na matory na mifoha.

Tena hita mihitsy hoe inona ilay "motivation": vola sy seza fotsiny izao!

Mijaly i Madagasikara voaviraviran'ireto mpitondra tsy mataho-tody ireto.

Scandale sur scandale ny zava- miseho eto amin'ny firenena.

Mbola mitoetra foana angaha madama kely ilay hoe "hanohana an-dRajoelina aho satria tsy maintsy lany izy, efa voavidiny daholo ny institutions rehetra (CENI sy HCC io an), ny objectif-ko dia hanao maire an'Antananarivo ary rehefa lany Rajoelina dia lany maire ho azy aho".

Tsy nataon-dRajoelina maire anefa (natahotra mafy manko Rajoelina fa hoe hilatsaka maire Ravalomanana, ka faible be loatra Lalatiana en face-ny, na hangalatra ohatra ny inona aza), ka notsipahiny ambavafo ary Papi Naina Vazahabe no nataony.

Dia narary fo be madama kely, saingy tsy afa-manoatra, fa handroso maty raibe, hihemotra maty renibe. Dia ahoana izany? Miharitra eo dia manao avocat du diable sisa.

Aloha loatra ilay déballage contre Rajoelina satria mbola tsy réunies ny conditions rehetra, tsy en position de force satria diso be ilay calcul politique hatrany am-boalohany, tsy tafiditra maire an'Antananarivo, raraka amin'ny tany ilay ambition présidentielle. Dia Freedom aloha no aorina kely etsy sy eroa manerana an'i Madagasikara.

Izay scandale rehetra mipoitra dia voatery mipetsoka foana manao pompiers. Izay sisa asa manko. Pompiers pompiers. Mipoitra ity ny scandale volamena dia mamono afo farak'izay mafy. Tsy misy cohérence intsony, fa lasa mivoraka be, mifanohitra zareo mianakavy. Aiza ve koa ilay jeneraly milaza, fa vol clandestin, madama kely mipetsoka, fa nosavaina tsara ny vol, fa tsy nisy volamena tao. Eo amin'ny aéroport Johannesburg nefa no tratra ilay volamena. Mba looooza koa, rehefa manao avocat du diable dia lainga lainga lainga no mameno ny vava. Tafiditra hatramin'i Mali, le pauvre!

Izao dia miwerewera hoe misy olona efa tratra nogadraina, ilay jeneraly nefa milaza, fa tsy olonolompoana no mahavita io. Ireo olona nogadraina nefa toa olonolompoana .

Ny pirina foana no mahita faisana, fa ny carpe miriaria be manao tsy ho tratry ny aloka...

Wait and see!

Ridiculement pathétique!

Elia Andriamparany
Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao

Andro miditra

Sprinter 2 nifampitarika latsaka tany an-tanimbary

Andro miditra, izay no azo ilazana ny lozam-pifamoivoizaana nitranga tamin' iny lalampirenena faha-7 (RN7) iny omaly. Fiara Sprinter roa hiakatra aty Antananarivo nifampitarika, no latsaka tany an-tanimbary tao amin'ny 3 km miala ny tanànan'i Behenjy. Tsy nisy ny aina nafoy, nisy kosa ireo naratra ary efa nentina teny amin'ny Hôpitaly tao an-toerana. Nivadibadika tany an-tanimbary ireto fiara roa ireto.

Stefa

Ireo Sprinter 2 latsaka tany an-tanimbary.

Iavoloha

Mpanendaka mpitaiza kely, nifanenjehan'ny polisy ary tratra

Mafanafana amin'ny resaka tsy fandriampahalemana amin'ny resaka fanendahana amin'izao fotoana ny eny Iavoloha, amin'ny distrikan'Antananarivo Atsimondrano iny. Mpanendaka mpitaiza kely iray no nifanenjehan'ny polisy ary tratran'izy ireo. Omaly maraina no nitrangan'izany teny Iavoloha, teo ampanaovana ny asa ratsiny ity jiolahy ity no hitan'ny Polisy, ka raikitra ny fanenjehana dia izao tratra izao izy. Tsy nisy ny lasan'ity jiolahy ity, tsy nisy ny naratra, fa dia efa ho atolotra ny fampanoavana izy.

Niaina

Ilay mpanendaka saron'ny polisy teny Iavoloha.

Gôly be

Mitohy ny tolo-tanana ho fampodiana ny nofo mangatsiakany

Mitohy ihany amin'izao fotoana ny tolo-tanana ho fampodiana ny nofo mangatsiakan'i Gôly Be, na i Ferndinand, mpiandry tsatoby ny ekipam-pirenena Malagasy teo amin'ny baolina kitra teo aloha, nodimandry tany Frantsa. Etsy Analakely, misy ny finiavana sy firaisankina asehon'ny mpitia baolina kitra, ireo mpilalao fahiny tao amin'ny Club M, sy ny Scorpions de Madagascar, miara-mientana hanampy amin'ny fampodiana ny nofo mangatsiakan'i Goal (Gôly) Be, na Ferdinand Rafalimanana aty an-tanindrazana. Mbola mitohy ny fandraisana ny tsipaipaika ho azy, na eny Analakely : Tsangambato Ralaimongo, na amin'ny alalan'ny Mvola 0345880067. Manantena sy mankasitraka ny fanohanan'ny rehetra, ny fianakavian'i Goal be, izay heverin'izy ireo halevina any amin'ny fsandrazany any Mandritsara, faritra Sofia.

Lita

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 09/01/2021 hatramin'ny 16/01/2021

- NOUVELLE (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03

- SOANDRY (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12

- HANITRA (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80

- AMBODIVONA (Ambodivona) 034 07 228 98

- MAMY (67HA Nord Est) 020 22 318 21/020 24 627 72

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1113-01-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

OLAN'NY VOKATRA LAVANILA

Orinasa vitsy akaiky ny fitondrana no manao ampihimamba

Noho ny olana eo amin'ny resaka fandraharahana lavanila amin'izao fotoana, any amin'ny tapany avaratra atsinanan'i Madagasikara iny, nihaona tamin' ireo mpandraharaha amin' ity vokatra fanondrana ity tany Sambava renivohitry ny faritra Sava, ny depiote voafidy tany an-toerana, Mamangy Norbert, na depiote Jack. Tontosa ny faran'ny herinandro teo izany fivoriana izany. Niisa 84 ireo namaly ny antso, ny sasany nandefa solontena. Tonga nanotrona ny fihaonana koa ny depiote Ange Richard. Nafana ny adihevitra tao anatin'ny adiny telo mahery, tao amin'ny Resto Grille Capricorne Ampandrozonana Sambava. Nivoitra tamin'izany ny tokony hampitsaharana ny ampihimamba ataon'ireo orinasa vitsy kely akaiky ny fitondram-panjakana, izay mamono ity seha-pihariana lavanila ity. Foano ihany koa hoy izy ireo ny "prix de reference" 250 dollars. Tokony ho any amin'ny faritra koa no fanomezana ny "agréement", na fahazoandalana, fa tsy aty Antananarivo, satria any no mahay ny tena mpandraharaha manao io lavanila io", hoy ny lahateny nisongandina nataon'ny depiote Jack.

Nankahery an'ity solombavambahoaka ity ireo mpivory hanohy ny fitakiana, ary miantso azy hiakatra amin'ny dingana ambonimbony kokoa, ary hanohy ny fanaovana tatitra amin'ny vahoaka, fa mijaly isika, hoy ireo mpivory. Azo lazaina ho sahirana amin'izao fotoana ny ankamaroan'ny mponina any ami n'ny faritra Sava, satria lavanila io no fotopivelomana iray iainan'ny mponina any.

Aly

Ny sasany amin'ireo mpandraharaha nihaona tamin'ny depiote Jack, tany Sambava.

JIRAMA

Orinasa nampijaly ny vahoaka indrindra tamin'ny 2020

Ny foiben-toeran'ny orinasa Jirama eny Faravohitra.

Raha atao ny tsapan-kevitra sy ny fanadihadiana mahakasika ny fiainan'ireo orinasa tamin'ny taona 2020 nivalona teo iny, ny orinasa JIRAMA no anisan'ny orinasa nampijaly ny vahoaka indrindra tamin'iny taon-dasa iny. Ary mbola mitohy aza izany amin'izao taona vaovao 2021 izao. Tao anatin'izay herintaona na mahery izay, tsy hita mihitsy ny fiovana tao amin'ny orinasa Jirama. Vao mainka niha-mafy ny delestazy, sy ny fahatapahan'ny rano saika manerana an'I Madagasikara mihitsy izany, izay mitondra olana sy fahoriana lehibe ho an'ny Malagasy. Io olan'ny famatsiana jiro sy famatsian-drano io no anisan'ny tena mahasorena ny mponina, ankehitriny.

Eo amin'ny fampidirana rianaratra ny tokantrano eto amintsika aza dia tsy hita izay tena vokatra tsara. Mimenomenona avokoa ny rehetra tamin'iny taona lasa iny hatramin'izao, mahakasika ny faktioran'ity orinasa ity izay midangana, nefa araka ny efa voalaza teo, ny jiro mitoetra hatrany ny delestazy, ny rano tapaka foana, alina vao misy raha hisy ny rano.

Tsiahivina fa tao anatin'ny 8 taona, dia ny 15% ny tokantrano malagasy no nahazo rianaratra. Zara raha nihetsika io tarehimarika io, ankehitriny. Sehatra iray tokony hiankinan'ny fampandrosoana ny jiro sy ny rano. Tsy mahagaga raha faharoa amin'ny gisitra eto amin'izao tontolo izao isika ankehitriny, tsy mahay mitantana mihitsy izao fitondrana tarihan'ny filoha Andry Rajoelina izao.

Niaina

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 333



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0332)

Mitsivalana
- Ravaka
- Asaly – Zo
- Lila
- Liona – Ro
- (miv)
- Salama
- Vao – En
- Mokary (miv)

Mitsangana
- Railovy
- As – Ar
- Valosoa
- Alina
- Kilalao
- Ome
- Toerana

TENY MIFANAPAKA **N° 333**



Mitsivalana

1. Manjetra, mora vaky **2.** Matoky (miv) – Sakafo – Kianteny **3.** Natsofokay **4.** Tsirin-teny Iharana – Tango (miv) **5.** Tanàna anisan'ny mangatsiaka eto amintsika **6.** Lio – Asa-tànana **7.** Tsara nahandro **8.** Tovovavy tena Malagasy (miv) – Eny amin'ny habakabaka **9.** Vola tsy voaloa – Malaina (BR) **10.** Mpanondro toerana – Hita eo amin'ny fitotoam-bary

Mitsangana

A. Trano maizina – Matavy **B.** Tovana – Làlam-pirenena (miv) – Fiantohana **D.** Mariky ny fiangonana **E.** Vavaka – Mampiray **F.** Voan'ny fery **G.** Faran-teny (miv) – Sary tapaka **H.** Sahala – Lafika vita rary (BR) **I.** aro-tongotro **J.** Fandefasana asa-soratra (miv) **K.** Mialoha ny hoe : ndeha hianatra izahay – Neny (BL)

Valiny Teny mifanaraka 0332

Mitsivalana

1. Vavy - Sangy (sangisangy) 2. Nono (miv) - Sion(a) 3. Lalina - Ana 4. (S)ida - Rirana (miv) 5. (K)anto - Re 6. Tantsaha (miv) 7. Ti - (H)aingana 8. No (miv) - Lany (miv) 9. Orita - Sari 10. Tolana - Fay (miv)

Mitsangana

A Voly - Tonta (miv) B. Anadahy - Ro(taka) D. Volana - Lio (miv) E. Iny (miv) - Tsanta F. Naoty - Na (miv) G. ®an(o) - NN H. As - Sigara (miv) I. Niaretanay J. Gony - Nara K. Filaharany

NY TENY FIAINANA

"Ary izao no ahafantarantsika fa mahalala Azy isika, dia ny fitandremana ny didiny."
I Jaona 2:3

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Raharaha volamena : tena mavesatra ilay “bagage à main” 73 kg mahery

Raharimanana Patrick : hay bagage à main marina ilay 73kg. Araka ny tatitra nataon'ny UNCom Trade (United Nations International Trade Statistics Database), ivo-toerana mpanangona antontanisa eo anivon'ny Firenena Mikambana, dia nahatratra 200 t ny volamena nahondrana tany Emirats Arabes Unis, araka ny fanambaran'ny fadin-tseranana ao an-toerana, avy aty Madagasikara ny taona 2008-2016, izay 31,42 t ny taona 2009 ary 9,27 t ny taona 2017.
Ny tatitra nataon'ny Transparency International kosa dia manambara, fa mahatratra 15 t ny volamena mivoaka eto Madagasikara isan-taona raha ny tatitra ny taona 2018. Maro ireo loharanom-baovao manamafy, fa nitohy hatrany izany fanondranana volamena izany nandritra ny fihibohana. Raha atao tsotsotra izany ny kajy 15 t= 15000kg/300 andro fiasana, satria ny douanes tsy mahita rehefa andro tsy fiasana, araka ny nambaran'izy ireo, dia 50kg isan'andro izany ny volamena mivoaka eto amintsika mandritra ny andro fiasan'ny douanes. Bagage à main 73 kg mahery izany dia volamena indray andro mivoaka eto amintsika ity mampitabataba antsika rehetra ity.
Rahampitso izany mety efa hisy 50kg mandeha any Dubai indray.

Hermeland Samuelson : raha tsy mety ho tonga saina amin'izay isika, dia ho aiza no hiafarantsika?

Hervé Ramanantena : henjana zany, vilavila isika, nefa dia toy izao ny fahantrantsika ?

Jacky Rakotomahanina : tantely afa- drakotra.

Rakoto Rabe : izany hoe impiry amin'ny andro fiasany ry zareo no nahatratra ?

Viviane Rakotomalala : malahelo be mamaky an'ity manoloana ny fahantran'ny gasy... Ndroooo ! Ireo olona eny @ la Réeunion kely, reo olona mitsimpona zoridira...

Jean Chrysostôme Rakotonjanahary : zany hoe ireo atao tratra reo zany mba hameriverena vahoaka fotsiny.

Rabemiandroson Ryan Ryan : mampalahelo be tsika gasy . mbola hotsarain'Andriamanitra.

Lalanirina Irène Raveloson : henjana zany nefa dia mbola lehiben'ny mahantra ihany i Madagasikara. Rahoviana no tena misy olona fière amin'ny maha malagasy azy, ka tena tia an'i Madagasikara sy vonona hampandroso ny vahoaka teratany Malagasy ray sy reny, ka tsy tia fa tena mijery tombontsoa iombonana.

Thierry Rarindrina : antegna amin’ izio tsisy na 1g am vozona , mafy gognaby io!

Avotra Andriamahazosoa : hafahafa zany tsika, satria mahantra eo ambonin’ny harena.

Lalaina Rakotoarimanana : aza kivy ary Mahereza fa Izany Volamena izany dia ho Hitsahintsika rehefa Any An-danitra kkkk!

Hasinandrianavalona Andrianina Smith : tsivanona ny mpanakarena.

Cla Raz : ngah volamena ihany e, rehefa harena tsika hatramin’ny zava-maniry tsy misy manana afa tsy eto lasa aby!

Michaël Thierry Raveloson : zaho sûr, fa anisan'ny antony nahalava ny fihibohana teto amintsika dia noho ny fanondranana an-tsokosoko harem-pirenena io.

Injakanirina Rakotoarisoa : aza adino fa marobe ny mpividy volamena eto an-toerana, ohatra: eo Analakely fotsiny . Azo antoka fa marina io 50 kg isanandro io Mr Patrick a !

Thierry Ando Fenosoa : mibanaka ny Sisintany sy ny fadintseranantsika raha izany. Sa makarakara loatra ilay sivana, ka izay tiana tazonina no voatazona, fa izay tsy maintsy alefa dia alefa. Tsy mba zavatra amin'ny mg fa kg.

NY Hasina Andrianjaka : tena trafican daholo nge zany ra izany e ! normal rangah ra mahantra farahidiny, jerevo nge avoir illicite zalah : trano fiara, tany hôtel, sns… milliard de milliard. Lay gasy kely nefa na 1 mg aza tsy mbola hitany.

Herisoa Razoeliarinivo : samy mahafantatra daholo anie hoe iza ilay mpanondrana e. Fa samy mangina daholo fa sao hihinana mangahazo eo...

Narifara Cli-Sostel : aza manaiky asiana fihibohana tsony atsika, mpitandro filaminana reo mba tokony agny fa tsy olo mandeha @ lalagna manahiragna reo.

Luciano Botsibotsin'angivy : foano ny ladoany fa tsy misy ilana azy elà lay mitondra 200 euros avy any an-dafy iny voagodragidra nefa 50kg mivoaka isan’ andro tsy hitany.

TOPFLIGHT
près de Ankany fivavahana Fjkm Andravoahangy fivavahana
Inscription ouverte tous les jours du lundi au samedi de 7h à 17h.
Prochaine rentrée : 11 Janvier 2021
Anglais
Français
Italien
Chinois
Espagnol
Informatique

Ecolage 0 Ar
Droit d'inscription pour pack de 2 langues + informatique ou 3 langues : 100.000 Ar
Durée : 3 mois

Infoline : 034 16 683 95

Sakafo Ny Valosoa

Henomby sy ravitoto amin’ny voanio, na coco indray, no laoka amin’ny Sakafo eto amin’ny gazetinao androany. Sady manitra no matsiro izany laoka izany. Tsara raha hasiana lasary tômaty na voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Ireo soa azo avy amin’ny tsaramaso mena

Ny soa azo avy amin’ny tsaramaso mena indray no Mahasoa eto amin’ny gazetinao androany.
- Mikolo ny voa, ny tosi-dra sy tsinay.
- Manadio ny taova rehetra any anaty ny tsaramaso mena.
- Ny vitamina B izay ao anatiny dia manamora ny fiasan’ny tsinay, ka sady manadio ny vatana no manampy amin’ny fampihenam-batana ihany koa. Ankoatra izay dia tsara ho an’ireo marary voa sy manana olana amin’ny tosi-drà ihany koa izy ity.
- Isan’ny sakafo fototra tokony ho tafiditra ao anatin’ny sakafon’ireo izay mampihena vatana ny tsaramaso mena.
- Ankoatra izay dia kely dia kely ny kaloria ao anatiny, kanefa manan-karena fibra izy, ka mampihena ny hanoanana, manampy ny vatana mba ho ampy rano hatrany, na kely aza ny sakafo hanina ary manadio ny tavy any anatin’ny vatana.
- Manampy be dia be ireo olona izay tratran’ ny aretin’ny voa ny tsaramaso mena satria mamerina tsikelikely ny fiasany amin’ny laoniny.
- Mba hiasany tsara dia tokony hihinana ity voamaina ity indroa isa-kerinandro eo ny olona marary voa.
- Manan-karena proteina sy fibra ary “fer” ny tsaramaso mena, ka tena ilain’ny fo.
- Mampirindra ny tosi-drà ny tsaramaso mena ary manampy ny fanafody, izay efa tsy maintsy hanin’ireo izay manana olana amin’izany. Ireo izay manana tosi-drà ambony no tena tokony hihinana tsaramaso mena matetika, mba tsy hampiakatra izany.
- Manafotsy sy mahamandina ny hoditra koa ny tsaramaso mena.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan’Ambodiadabo any amin’ny distrikan’i Bealanana, faritra Sofia

Ny tanànan’Ambodiadabo, any amin’ny distrikan’i Bealanana, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin’ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambodiadabo ity tanàna ity. Amin’ny faritra avaratra atsinanan’ny faritra Sofia no misy azy. Avo toerana izy satria 1209 m ny haavony miohatra amin’ny ranomasina. Tantsaha mpamboly sy mpiompy ny mponina any. Tena vokatra any ny vary, toy ny any amin’ireo kaominina hafa any amin’ny distrikan’i Bealanana.